# Torolalana amin'ny fanomanana sy fampianarana lesona fohy

Inona amin'ireto lesona manaraka avy amin'ny toky faha-3 ao amin'ny *Torio ny Filazantsarako* ireto no hampianarinao? (Misafidiana iray.)

______ Lesona 1: Ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy

______ Lesona 2: Ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra

______ Lesona 3: Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy

Mankanesa ao amin'ny fizarana "Fototra ara-potopampianarana" an'ny lesona izay nosafidianao. Jereo ireo lohateny izay amin'ny endrika sora-matevina. Misafidiana anankiroa amin'ireo lohahevitra ireo farafahakeliny izay tianao hizàrana hampianarina.  Lohateny inona no nosafidinao?

Mba hanampiana anao hiomana dia mieritrereta olona iray fantatrao fa afaka ny hahazo fitahiana avy amin'ireo fahamarinana izay tianao hampianarina. Manorata fanontaniana, ahiahy, na filàna iray izay ananan'io olona io ka azon'ny lesonao hifantohana.

## Alamino dia fintino ny zavatra hampianarinao.

Manomàna lesona iray izay azonao hampianarina ao anatin'ny dimy ka hatramin'ny fito minitra. Hevero ny hanao ireto manaraka ireto:

1. Fantaro ny soratra masina iray farafahakeliny izay hozarainao.
2. Raketo an-tsoratra ny fanontaniana anankiray farafahakeliny izay hapetrakao.
3. Mieritrereta zavatra niainana na ohatra iray izay azonao zaraina.
4. Diniho hoe amin'ny fotoana ahoana ianao no mety hijoro ho vavolombelona.
5. Raketo an-tsoratra ny fanasana iray izay azonao atolotra.

Omano ny rindran-daminao amin'ny alalan'ny fampiasana ny faritra etsy ambany sy ny ao ambadik'ity pejy ity. Rehefa mampianatra ianao dia aza sahiran-tsaina amin'ny hoe hiompana amin'ny zavatra rehetra. Mampianara avy amin'ny fonao ary ny teninao manokana ampiasaina.

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.    PD80025866_654_013